# MINISTERE DE L'AMENAGEMENT DU TERRITOIRE

## DECRET N° 2002-979
## portant réorientation de l'Autorité pour la Protection contre les Inondations de la Plaine d'Antananarivo

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 95-034 du 3 octobre 1995 autorisant la création des organismes chargés de la protection contre les inondations et fixant les redevances pour la protection contre les inondations.

Araka ny lalàna laharana faha-96-027 tamin' ny 2 oktobra 1996 ananganana tombon-jo ho an' ny tahirim-bolam-panjakana mikasika ny famoriana ny trosa ivelan' ny hetra.

Araka ny lalàna laharana faha-98-031 tamin' ny 20 janoary 1999 amaritana ny antokon-draharaha miankina amin' ny Fanjakana sy ny fitsipika mikasika ny fananganana sokajinà antokon-draharaha miankina amin' ny Fanjakana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-61-006 tamin' ny 5 janoary 1961 mamaritra ny drafi-piarovana an' Antananarivo amin' ny fisondrotry ny rano, sy mametra ny faritra antsoina "mora tratry ny loza avy amin' ny tondra-drano" ary mamisy fitsipika ny filaminana sy fikajiana ny drafi-piarovana,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-61-035 tamin' ny 21 jona 1961 anaovana ny fitsipika mifehy ny fitantanam-bola sy ny fandaminana ny fitanan-kaonty ampiharina amin' ny antokon-draharaham-panjakana miendrika fitondran-draharaha novàn' ny didim-panjakana laharana faha-99-349 tamin' ny 12 mey 1999.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-68-080 tamin' ny 13 febroary 1968 anaovana ny fitsipika ankapobe momba ny fitanan-kaontim-panjakana novàn' ny didim-panjakana laharana faha-99-350 tamin' ny 12 mey 1999.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-96-172 tamin' ny 6 marsa 1996 andaminana indray ny manampahefana amin' ny fiarovana ny lemak' Antananarivo amin' ny tondra-drano,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-99-335 tamin' ny 5 mey 1999 mamaritra ny fitsipi-pitondrana lasitra momba ny antokon-draharaham-panjakana eto amin' ny firenena.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-267 tamin' ny 27 mey 2002 novàn' ny didim-panjakana laharana faha-2002-788 tamin' ny 7 aogositra 2002, mamaritra ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-450 tamin' ny 18 jona 2002 mendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-451 tamin' ny 18 jona 2002 novàn' ny didim-panajakana laharana faha-2002-659 tamin' ny 12 jolay 2002 sy ny laharana faha-2002-496 tamin' ny 2 jolay 2002 anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

### LOHATENY VOALOHANY
### Fepetra ankapobe

Andininy voalohany. – Atsangana amin' ny anarana hoe Manampahefana amin' ny fiarovana ny Faritanin' Antananarivo amin' ny tondra-drano ka afohezina hoe *APIPA* ny antokon-draharaham-panjakana miendrika fitondran-draharaha miandraikitra ny filaminana sy fitrandrahana ary ny fikojakojana ny asa sy ampitaovana natokana hiarovana ny lemaka manodidina an' Antananarivo lehibe amin' ny tondran-drano.

– Ny Kaominina ambonivohitra ao Antananarivo-Renivohitra;

– Fivondronampokontanin' Ambohidratrimo ahitana ny Kaominina ao Ambohitrimanjaka, Antehiroka, Ivato-*Aéroport*, Ivato-Firaisana, Talatamaty Ambohidratrimo, Iarinarivo, Ampangabe;

– Fivondronampokontanin' Antananarivo-Avaradrano ahitana ny Kaominina ao Alasora, Ambohimanambola, Ambohimangakely, Ankadikely-Ilafy, Sabotsy-Namehana, Masindray;

– Fivondronampokontanin' Antananarivo-Atsimondrano ahitana ny Kaominina ao Ampitatafika, Ambohidrapeto, Andoharanofotsy, Andranonahoatra, Ankaraobato, Bemasoandro, Itaosy, Soalandy, Tanjombato, Fenoarivo.

And. 2. – Ny *APIPA* dia mizaka ny zo aman' andraikitry ny kambanana ary mahaleotena eo amin'ny fitantanan-draharaha sy fitantanam-bola. Ny foiben-toerany dia ferana ho ao Antananarivo.

And. 3. – Ny *APIPA* dia atoetra ho eo ambany fiahiana ara-teknika sy fitondran-draharaha ataon' ny minisitera miandraikitra ny Fanajariana ny Tany ary ho eo ambany fiahiana ara-pitantanam-bola ataon' ny minisitera miandraikitra ny Fitantanam-bola.

Vu la loi n° 96-027 du 2 octobre 1996 portant institution d'un privilège du Trésor en matière de recouvrement des créances non fiscales.

Vu la loi n° 98-031 du 20 janvier 1999 portant définition des établissements publics et des règles concernant la création de catégorie d'établissements publics.

Vu le décret n° 61-006 du 5 janvier 1961 définissant le système de défense de Tananarive contre les crues, délimitant une zone dite "particulièrement exposée aux dangers d'inondations" et réglementant la police et la conservation du système de défense,

Vu le décret n° 61-035 du 21 juin 1961 fixant les règles de gestion financière et d'organisation comptable applicable aux établissements publics à caractère administratif modifié par le décret n° 99-349 du 12 mai 1999.

Vu le décret n° 68-080 du 13 février 1968 portant règlement général sur la comptabilité publique modifié par le décret n° 99-350 du 12 mai 1999.

Vu le décret n° 96-172 du 6 mars 1996 portant réorganisation de l'Autorité pour la Protection contre les Inondations de la Plaine d'Antananarivo.

Vu le décret n° 99-335 du 5 mai 1999 définissant le statut-type des établissements publics nationaux.

Vu le décret n° 2002-267 du 27 mai 2002 modifié par le décret n° 2002-788 du 7 août 2002 fixant les attributions du Ministre de l'Aménagement du Territoire ainsi que l'organisation de son ministère.

Vu le décret n° 2002-450 du 18 juin 2002 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

Vu les décrets n° 2002-451 du 18 juin 2002 modifié par le décret n° 2002-659 du 12 juillet 2002 et 2002-496 du 2 juillet 2002 portant nomination des membres du Gouvernement,

Sur proposition du Ministre de l'Aménagement du Territoire.

En conseil de Gouvernement,

Décrète :

### TITRE PREMIER
### Dispositions générales

Article premier. – Il est créé sous le nom de l'Autorité pour la Protection contre les Inondations de la Plaine d'Antananarivo désignée sous le sigle "APIPA" un établissement public à caractère administratif chargé de la police, de l'exploitation et de la maintenance des ouvrages et équipements destinés à la protection contre les inondations de la plaine comprise dans le périmètre du Grand Tana :

– Commune urbaine d'Antananarivo-Renivohitra;

– Fivondronampokontany d'Ambohidratrimo comprenant les Communes de : Ambohitrimanjaka, Antehiroka, Ivato-Aéroport, Ivato-Firaisana, Talatamaty, Ambohidratrimo, Iarinarivo, Ampangabe;

– Fivondronampokontany d'Antananarivo-Avaradrano comprenant les Communes de : Alasora, Ambohimanambola, Ambohimangakely, Ankadikely-Ilafy, Sabotsy-Namehana, Masindray;

– Fivondronampokontany d'Antananarivo-Atsimondrano comprenant les Communes de : Ampitatafika, Ambohidrapeto, Andoharanofotsy, Andranonahoatra, Ankaraobato, Bemasoandro, Itaosy, Soalandy, Tanjombato, Fenoarivo.

Art. 2. – L'APIPA est dotée de la personnalité morale et jouit de l'autonomie de gestion administrative et financière. Son siège est fixé à Antananarivo.

Art. 3. – L'APIPA est placée sous la tutelle technique et administrative du ministère chargé de l'Aménagement du Territoire et sous la tutelle financière du ministère chargé des Finances.

## LOHATENY II

### Anjara asan' ny *APIPA*

And. 4. – Na dia mbola tsy tena raikitra aza, dia miankina amin'ny fitantanan-draharaha ataon' ny *APIPA* ireto asa sy fampitaovana samihafa ireto :

– ny fefiloha mamaritra ny lemaka ambany rano ao Antananarivo manamorona ny reniranon' Ikopa, Sisaony ary Mamba, ka ao anatin' izany ireto asa rehetra efa misy na vao ho avy tafiditra amin' izay manandrify sy mampifampitohy amin' izany, *afa-tsy ny fitambaran' ny lalana;*

– ny lakandrano fisarihan-drano sy lempona fandritana rano toa an' Andriantany, lempona fiaro avaratra, C3 avaratra, lempona fiaro ao amin' ny Farihin' Anosy, lempona sy lakan-drano amin' ny lemaka Atsimo ka ao anatin' izany ny asa rehetra fampidiran-drano indray efa misy na vao hoforonina miainga amin' ny lakan-drano *GR*, afa-tsy ireo asa natao hiampitàna sy fanariana ny rano efa nampiasaina sy/na ny ranonorana,

– ny lempona sy asa ao Masay;

– ny Tobim-pitrohan-drano ao Ambodimita;

– ny lakandranon' ny *génie rural* (Lakandrano GR);

– ny fampitaovana ny drafi-pitsinjovana sy filazana ny fisondrotry ny rano ao Antananarivo;

– ny asa rehetra vaovao nataon' ny *APIPA* na izay antokon-draharaha rehetra ary ireo izay nafindran' ny Fanjakana na ny Kaominina voakasika amin' ny fitantanana azy.

*Momba ireo asa sy fampitaovana an' ny* Fanjakana malagasy sy ny vondrombahoakam-paritra ao aminy, dia hisy fitanana an-tsoratra famindran-tanana hatao eo anatrehan' ny solontena avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Fanajariana ny Tany avy amin' ny minisitera miandraikitra ny fitantanana ireny asa ireny na avy amin' ny ben' ny tanàna any amin' ireo Kaominina tafiditra ao amin' ny faritra hirotsahany an-tseharra, ary ny solontena avy amin' ny fitondrana ny fananan-tany ary koa ny Tale jeneralin' ny *APIPA*.

Ny fanana-mifaka tantanan' ny *APIPA* dia fehezin' ny didy aman-dalàna momba ny fananan-tany sy fizakan-tany azo ampiharina amin' ny fananana an' ny Fanjakana.

And. 5. – Ao anatin' ny faritry ny anjara asa nankinina aminy ao amin' ny andininy voalohany etsy ambony, ny *APIPA* dia miandraikitra :

*a*. Ny fanaovana ny fandaharan' asa momba ny fampiasam-bola hamokarana, fandinihana ary fanatanterahana ny fanamafisana ny *zava-naorina;*

*b*. Ny fitantanana ny fitrandrahana ny zava-naorina;

*c*. Ny filaminan' ny asa;

*d*. Ny filaminan' ny fanotofana tany sy ireo faritra mora tratry ny tondra-drano.

## LOHATENY III

### Fandaminana ara-pitondran-draharaha

And. 6. – Ireto avy ny rantsa-mangaika ny *APIPA* :

– ny Filankevi-pitondrana;

– ny Foibem-pitondrana ankapobe.

*Momba ny Filankevi-pitondrana*

And. 7. – Ny *APIPA* dia tantanan' ny Filankevi-pitondrana iray miasa mandritra ny telo (3) taona azo avaozina.

Ny filohan' ny Filankevi-pitondrana dia tendrena amin' ny *alalan' ny didim*-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fanajariana ny Tany.

Ny mpikambana hafa ao amin' ny Filankevi-pitondrana sy ny mpisolo toerana azy dia tendrena amin' ny alalan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fanajariana ny Tany, araka ny tolo-kevitra avy *amin' ireo minisitera sy antokon*-draharaha voakasika ka :

– solontena roa avy amin' ny minisiteran' ny Fanajariana ny Tany;

## TITRE II

### Attributions de l'APIPA

Art. 4. – Non exhaustivement, relèvent de l'administration de l'APIPA les divers ouvrages et équipements ci-après :

– les digues délimitant le polder de la Plaine d'Antananarivo en rives des rivières de l'Ikopa, Sisaony, Mamba, y compris tous les ouvrages existants ou à venir situés dans leur emprise et leurs prolongements, à l'exclusion des corps de chaussées;

– les canaux d'assainissement et bassins de laminage tels que Andriantany, bassin tampon nord, C3 nord, bassin tampon du lac Anosy, bassins et canaux de la Plaine Sud y compris tous les ouvrages de réalimentation existants ou à créer à partir du Canal GR en exclusion des ouvrages de franchissement et de rejet des eaux usées et/ou pluviales;

– le bassin et l'ouvrage du Masay;

– la Station de Pompage d'Ambodimita;

– le Canal Génie Rural (Canal GR);

– les équipements du système de prévision et d'annonce des crues d'Antananarivo;

– tous les ouvrages nouveaux réalisés par l'APIPA ou tout organisme et tous ceux dont la gestion lui sera transférée par l'Etat et les Communes concernées.

Pour les ouvrages et équipements appartenant à l'Etat malagasy et ses collectivités territoriales, il sera dressé un procès-verbal de transfert en présence d'un représentant du ministère chargé de l'Aménagement du Territoire, du ministère chargé de la gestion de ces ouvrages ou des maires des Communes comprises dans sa zone d'interventionn, d'un *représentant de l'administration des domaines* ainsi que du Directeur général de l'APIPA.

Les immeubles gérés par l'APIPA sont soumis aux réglementations domaniale et foncière applicables aux biens de l'Etat.

Art. 5. – Dans le cadre de la mission à lui confiée par l'article premier ci-dessus, l'APIPA est chargée de :

*a*. La programmation des investissements, études et la réalisation du renforcement des installations;

*b*. La gestion de l'exploitation des installations;

*c*. La police des ouvrages;

*d*. La police des remblais et des zones inondables.

## TITRE III

### Organisation administrative

Art. 6. – Les organes de l'APIPA sont les suivants :

– le Conseil d'administration;

– la Direction générale.

*Du Conseil d'administration*

Art. 7. – L'APIPA est administrée par un Conseil d'administration pour un mandat de trois (3) ans renouvelable.

Le président du Conseil d'administration est désigné par arrêté du Ministre chargé de l'Aménagement du Territoire.

Les autres membres du Conseil d'administration et leur suppléant sont nommés par arrêté du Ministre chargé de l'Aménagement du Territoire, sur proposition des ministères et *organismes concernés dont* :

– deux représentants du ministère chargé de l'Aménagement du Territoire;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Fitantanam-bola;

- solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Fambolena;

- *solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra* ny Famantarana ny toetr' andro;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Asa vaventy;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny vondrombahoakam-paritra;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Mponina.

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Polisim-pirenena;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Indostria sy ny Asa-tànana;

– solontena iray avy amin' ny Faritanin' Antananarivo;

– solontena roa avy amin' ny Kaominina ambonivohitra ao Antananarivo;

– *solontena iray avy amin' ny Fivondronampokontanin'* Antananarivo-Avaradrano;

– solontena iray avy amin' ny Kaominina voakasika ao amin' ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Avaradrano;

- solontena iray avy amin' ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Atsimondrano;

- solontena iray avy amin' ny Kaominina voakasika ao amin' ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Atsimondrano;

– solontena iray avy amin' ny Fivondronampokontanin' Ambohidratrimo;

– solontena iray avy amin' ny Kaominina voakasika ao amin'ny Fivondronampokontanin' Ambohidratrimo.

Mandritra ny fivoriana voalohany ataony sy isaky ny aorian' ny fanavaozana ny mpikambana ao aminy, ny Filankevi-pitondrana dia mifidy amin' ny eo anivony ao ihany, lany eran' ny antsasamanila amin' ny fihodinana voalohany, ary raha ilaina, lany eran' ny ankamaroany amin' ny fihodinana faharoa, ny filoha-lefitra roa miandraikitra, araka ny fandaharana feran' ny filankevitra, ny fisoloana ny filoha raha misy tsy fahatongavana na tsy fahafahana.

Ny tale jeneralin' ny *APIPA* no manampy avy hatrany, ka ho fakan-kevitra, ny Filankevi-pitondrana ary miantoka ny sekretaria amin' izany.

Ny Filankevi-pitondrana ihany koa dia afaka miantso izay rehetra olona heveriny fa ilaina hakan-kevitra. Izy io dia tsy mandray anjara amin' ny fanapahan-kevitra.

And. 8. – Ny Filankevi-pitondrana dia omena ny fahefana rehetra faran' izay malalaka indrindra hiasa amin' ny anaran' ny *APIPA*, hanatontosa na hanome alàlana ny taratasin-draharaha sy lahasa rehetra mikasika ny anton-draharahany ary hisolotena ny *APIPA* eo anatrehan' ny fahefam-panjakana, ny olon-kafa ary ny fitondran-draharaha rehetra eto amin' ny Repoblikan' i Madagasikara sy any ivelany.

Izy dia manana indrindra ny fahefana manaraka etoana izay fitanisana fa tsy famerana :

- ny fandaniana ny fandaharan' asa, ny fampitaovana ary ny fampiasam-bola hamokarana ao amin' ny *APIPA* ary ny fiantohana ny fanatanterahana izany;

– ny famaritana ireo asa izay tsy maintsy iantohana ao anatin' ny faritry ny fifanekena sy ny fifanarahana momba ny fitantanana sy ny fanadihadiana ary ny asa, sy ny famerana amin' izany ny fombafomba fanaovana ny fifanolorana sy ny fankatoavana;

– ny fandaniana ny tetibola sy ny fankatoavana ny kaontim-pitantanam-bolan' ny *APIPA*;

– ny fandaniana ny tetikasam-pandaminana sy ny fitsipika anatiny;

– ny fankatoavana ny rafi-pandaminan-draharaha sy ny fitsipika mifehy ny mpandraharaha;

– un représentant du ministère chargé des Finances;

– un représentant du ministère chargé de l'Agriculture;

– un représentant du ministère chargé de la Météorologie;

– un représentant du ministère chargé des Travaux publics;

– un représentant du ministère chargé des Collectivités territoriales;

– un représentant du ministère chargé de la Population;

– un représentant du ministère chargé de la Police nationale;

– un représentant du ministère chargé de l'Industrie et de l'Artisanat;

– un représentant de la Province d'Antananarivo;

– deux représentants de la Commune urbaine d'Antananarivo;

– *un représentant du Fivondronampokontany* d'Antananarivo-Avaradrano;

– un représentant des Communes concernées dans le Fivondronampokontany d'Antananarivo-Avaradrano;

– un représentant du Fivondronampokontany d'Antananarivo-Atsimondrano;

– un représentant des Communes concernéses dans le Fivondronampokontany d'Antananarivo-Atsimondrano;

– un représentant du Fivondronampokontany d'Ambohidratrimo;

– un représentant des Communes concernées dans le Fivondronampokontany d'Ambohidratrimo.

Lors de sa première réunion et après chaque renouvellement de ses membres, le Conseil d'administration élit en son sein, à la majorité absolue au premier tours, et, le cas échéant, à la majorité relative au second tour, deux vice-présidents chargés dans l'ordre fixé par le Conseil, de remplacer le président en cas d'absence ou d'empêchement.

Le Directeur général de l'APIPA assiste de droit, avec voix consultative, au Conseil d'administration et en assure le secrétariat.

Le Conseil d'administration peut aussi faire appel à toute personne qu'il juge utile de consulter. Celle-ci ne participe pas aux délibérations.

Art. 8. – Le Conseil d'administration est investi de tous les pouvoirs les plus étendus pour agir au nom de l'APIPA pour accomplir ou pour autoriser tous les actes et opérations relatifs à son objet et pour représenter l'APIPA vis-à-vis des pouvoirs publics, des tiers et de toutes administrations de la République de *Madagascar et à l'étranger*.

Il a notamment les pouvoirs suivants qui sont énonciatifs et non limitatifs :

– d'adopter les programmes d'activités, d'équipement et d'investissement de l'APIPA et d'en assurer leur réalisation;

– de déterminer les tâches qui devront être obligatoirement assurées dans le cadre de contrats ou de conventions de gérance, d'études et de travaux et d'en fixer les modalités de passation et d'approbation;

– de voter le budget et d'approuver le compte financier de l'APIPA;

– de voter le projet d'organisation et de règlement intérieur;

– d'approuver l'organigramme et le règlement du personnel;

– ny fankatoavana ny tatitry ny asa natolotry ny Foibem-pitondrana ankapobe;

– ny fanapahana mikasika ny fampisamboram-bola sy mikasika ny famoizana ny fananana;

– ny fankatoavana ny fifanarahana amin' ny asa ifanaovana amin' ireo minisitera sy/na antokon-draharaham-panjakana;

– ny fandefasana any amin' ireo Minisitra mpiahy ny fandaharanasa sy ny tetibola ary ny kaontim-pitantanam-bola nankatoavina;

– ny fanolorana amin' ireo manampahefana mahefa ny tataon' ny vola fandoa amin' ny fanotofana tany.

Ny Filankevi-pitondrana dia afaka mamindra ny ampahany amin' ny fahefany amin' ny filohany sy amin' ny Tale jeneraly, na dia ho maharitra aza.

Ankoatr' izany, dia ilaina ny fahazoan-dàlana mialoha avy amin' ny Filankevi-pitondrana, mikasika ny fifanaraham-panofana sy fampanofana fanana-mifaka raha toa ka mihoatra ny sivy (9) taona ny faharetan' ny fifanekena.

And. 9. – Ny Filankevi-pitondrana dia mivory amin' ny fivoriana ara-potoana indroa (2) isan-taona araka ny fiantsoana ataon' ny filohany izay afaka koa ankoatr' izany miantso azy amin' ny fivoriana tsy ara-potoana avy amin' ny finiavany na araka ny fangatahana, na ataon' ny antsasamanilan' ny mpikambana, na ny Tale jeneraly, isak' izay itakian' ny tombontsoan' ny *APIPA* izany, na ao amin' ny foiben-toerana, na any an-toeran-kafa voatondro ao amin' ny fiantsoana.

Ny filoha dia mandefa any amin' ny mpikambana tsirairay ao amin' ny Filankevitra ny fiantsoana an-tsoratra miaraka amin' ny fandaharam-potoanan' ny fivoriana ao anatin' ny fe-potoana fito (7) andro raha kely indrindra.

Ny Filankevitra dia afaka manapa-kevitra ara-dalàna raha toa ka tonga mivory ny maro an' isa amin' ny mpikambana ao aminy. Raha tsy tratra ny isa, dia halefa ny fiantsoana faharoa ka atao araka ny fepetra mitovy amin' ny teo aloha ihany. Mandritra io fiantsoana faharoa io, ny Filankevitra dia afaka manapa-kevitra na firy na firy ny isan' ny mpikambana tonga mivory.

Ny fivoriana ara-potoana voalohany, natokana indrindra amin' ny fankatoavana ny kaontim-pitantanam-bola sy ny tatitry ny asa tamin' ny taona lasa, dia hatao amin' ny volana marsa.

Mandritra ny fivoriana ara-potoana faharoa, izay hatao amin' ny volana novambra, no handinihana sy handaniana ny fandaharan'asa sy ny tetibola amin' ny taona manaraka.

Raha misy ny hamehana, ny filohan' ny Filankevitra dia afaka maka ny hevitry ny rehetra amin' ny fakan-kevitra mifampiampita.

And. 10. – Ny fanapahana raisin' ny Filankevitra dia izay lany eran' ny antsasamanilan' ny vaton' ny mpikambana tonga manatrika eo. Raha misy fitoviam-bato dia izay iandanian' ny filoha no mavesa-danja.

Ny Filankevitra dia tsy afaka manapa-kevitra ara-dalàna raha tsy amin' ny raharaha voasoratra ao amin' ny fandaharam-potoana.

Tsy maintsy tànana ny rejisitry ny fitànana an-tsoratra ny fivoriana sy ny fanapahan-kevitry ny Filankevi-pitondrana.

*Ny amin' ny Foibem-pitondrana ankapobe*

And. 11. – Ny Foibem-pitondrana ankapobe no rantsana mpanatanteraka ny fanapahan-kevitra raisin' ny *APIPA*.

And. 12. – Ny Tale jeneraly dia tendrena amin' ny alalan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Minisitra araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Minisitra miandraikitra ny Fanajariana ny Tany.

And. 13. – Ankoatra ny anjara raharaha manokana voafaritry ny andininy manaraka etoana, ny Tale jeneraly no miandraikitra ny fanentanana sy ny fanaraha-maso ary ny fandrindrana ny asan' ny *APIPA* araka ny toromarika avy amin' ny Filankevi-pitondrana :

– d'approuver les rapports d'activités présentés par la Direction générale;

– de statuer sur les emprunts et sur les aliénations des biens;

– d'approuver les conventions de travail passées avec les ministères et/ou établissements publics;

– d'adresser aux Ministres de tutelle les programmes, le budget et le compte financier approuvés;

– de proposer aux autorités compétentes les taux de redevances sur les remblais.

Le Conseil d'administration peut déléguer une partie de ses pouvoirs à son président et à son Directeur général, même à titre permanent.

En outre, l'autorisation préalable du Conseil d'administration est nécessaire en matière de baux et location d'immeubles lorsque la durée du contrat excède neuf (9) années.

Art 9. – Le Conseil d'administration se réunit en session ordinaire deux (2) fois par an sur convocation de son président, qui peut en outre le convoquer en session extraordinaire à son initiative ou à la demande de la majorité absolue des membres ou du Directeur général, aussi souvent que l'intérêt de l'APIPA l'exige soit au siège social, soit en tout autre endroit indiqué dans la convocation.

Le président adresse à chaque membre du Conseil une convocation écrite accompagnée de l'ordre du jour de la réunion dans un délai minimum de sept (7) jours.

Le Conseil ne peut délibérer valablement que si la majorité de ses membres est présente. Si le quorum n'est pas atteint, une deuxième convocation sera lancée dans les mêmes conditions que la précédente. Lors de cette deuxième convocation, le Conseil peut délibérer quel que soit le nombre des membres présents.

La première réunion ordinaire, consacrée principalement à l'approbation du compte financier et des rapports d'activités de l'année écoulée, se tiendra au mois de mars.

Au cours de la seconde réunion ordinaire, qui se tiendra au mois de novembre, sont examinés et adoptés le programme d'activité et le budget de l'année suivante.

Lorsqu' il y a urgence, le président du Conseil peut procéder par consultation tournante.

Art. 10. – Les décisions du Conseil sont prises à la majorité absolue des voix des membres présents. En cas de partage de voix, la voix du président est prépondérante.

Le Conseil ne peut valablement délibérer que sur les questions inscrites à l'ordre du jour.

Il est tenu un registre des procès-verbaux des réunions et des délibérations du Conseil d'Administration.

*De la Direction générale*

Art 11. – La Direction générale est l'organe d'exécution des décisions de l'APIPA.

Art. 12. – Le Directeur général est nommé par décret pris en conseil des Ministres sur proposition du Ministre chargé de l'Aménagement du Territoire.

Art. 13. – Outre les attributions particulières définies par les articles suivants, le Directeur général est chargé d'animer, de contrôler et de coordonner les activités de l'APIPA conformément aux directives du Conseil d'administration :

– izy no misolotena ny *APIPA* eo anatrehan' ny fitsarana sy eo anatrehan' ny olon-kafa amin' ireo raharaha miseho amin' ny fiainana andavanandro an' io antokon-draharaha io;

– izy no manomana ny tetibola izay izy no mpanalalana azy ary mandroso izany holanian' ny Filankevi-pitondrana;

– izy no mandraikitra sy manao ny fifampiraharaham-barotra, ny fifanekena ary ny fifanarahana amin' ny *APIPA*;

– izy no manara-maso ny fanatanterahana tsara ireo fifanekena ireo, miantoka ny fandoavana izany ary, raha ilaina, mampihatra ny sazy voalaza;

– izy no miantoka fa ny asa ataon' ny departemanta sy/na antokon-draharaham-panjakana hafa dia tsy mampitombo ankoatr' izany ny loza mety ateraky ny tondra-drano ao anatin' ny faritra iasany ary mifampiraharaha raha ilaina izany amin' izy ireo mikasika ny fifanarahana amin' ny asa izay mametra ny andraikitra ifanaovana.

– izy dia afaka mamindra ny fahefany na ny fanaovany sonia amin' ny iray amin' ireo mpiara-miasa aminy.

And. 14. – Amin' ny fotoana ara-dalàna, ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no tompon' andraikitra amin' ny fitehirizana, ny fikojakojana, ny fampandehanana, ny fitantanana ary ny filaminan' ireo asam-piarovana rehetra efa misy na ho avy hiadiana amin' ny tondra-drano amin' ny lemak' Antananarivo ary koa ny fampahafantarana amin' ny besinimaro mikasika ireo fepetra horaisina raha toa ka mananontanona ny tondra-drano.

Iarahany sy ny mpifampiraharaha aminy miantsoroka ny andraikitra amin' ny fanatanterahana ireo asa ireo, araka ny fepetra feran' ny Filankevi-pitondrana.

Amin' ny fe-potoana isian' ny loza mananontanona na ny loza mihatra, ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no mitarika sy mandrindra ny lahasa rehetra momba ny fiarovana ny lemak' Antananarivo amin' ny tondra-drano. Didim-panjakana iray no hametra ny fepetra fanatanterahana io fiarovana amin' ny tondra-drano io.

Raha misy loza mitranga, ny Tale jeneralin' ny *APIPA* dia mandray anjara amin' ny drafitry ny fandaminana ny vonjy taitra (drafitra *ORSEC*) araka ny fepetra voalazan' io drafitra io.

Ny *APIPA* dia hakana hevitra alohan' ny ankatoavana ny tetikasa rehetra momba ny fanatsarana ny tanàn-dehibe sy ny fanadiovana atao ao anatin' ny tanàna miankina amin'ny lemak' Antananarivo, ary koa ny tetikasa fanajariana ny teheza manary rano amin' ny renirano rehetra mamakivaky io lemaka io. Toy izany ihany koa ny tetikasa rehetra mety hisy fiantraikany amin' ny fisian' ny tondra-drano sy ny fampandehanana ara-dalàna ny asam-panorenana.

And. 15. – Ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no miandraikitra ny filaminan' ny asa natokana iantohana ny fiarovana ny lemak' Antananarivo amin' ny tondra-drano, ao anatin' izany ny fanomezana ny fahazoan-dàlana hanary rano any amin' ny tambajotra fitarihan-drano sy dobo fanobiana. Izy no mitandro ny fampiharana ireo rijan-teny manisy fitsipika ny filaminana sy ny fikajiana ny harem-panjakana tafiditra ao anatin' ny faritra irotsahana an-tsehatra voalazan' ity didim-panjakana ity. Izy no manolo-kevitra ny amin' izay mety ho fanovana sy fanampiana atao amin' ireo rijan-teny ireo. Izy dia hakan-kevitra amin' izay mikasika ny fitandroana ny rano sy ireo faritra mety ho tondra-drano any amin' ireo lempona amin' ny renirano rehetra avy any ambony sy amin' ny fandalovana amin' ny lemak' Antananarivo.

And. 16. – Manokana indrindra, ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no tompon' andraikitra amin' ny fampandrenesana ny fisondrotry ny rano eo amin' ny lemak' Antananarivo, sy ny fampitana ny zava-pantatra momba ny fandrefesana ny latsa-dranon' orana sy ny haavon' ny rano ambon' ny lemak' Antananarivo ary, ny fanaovana ny vinavina mikasika ny tosa-drano sy ny haavony mamakivaky ny lemaka.

– il représente l'APIPA en justice et auprès des tiers dans les actes de la vie civile de cet établissement;

– il prépare le budget dont il est l'ordonnateur et le soumet au vote du Conseil d'administration;

– il passe et établit les marchés, contrats et conventions au nom de l'APIPA;

– il contrôle la bonne exécution desdits contrats, en assure le paiement et, si nécessaire, applique les sanctions prévues;

– il s'assure que les actions menées par les autres départements et/ou établissements publics n'augmentent outre mesure sur les risques d'inondations dans sa zone d'intervention et négocie en tant que de besoin avec eux des conventions de travail fixant les responsabilités réciproques;

– il peut déléguer ses pouvoirs ou sa signature à l'un de ses collaborateurs.

Art. 14. – En temps normal, le Directeur général de l'APIPA est responsable de la conservation, de l'entretien, du fonctionnement, de la gestion et de la police de tous les ouvrages de protection existants ou à venir contre les inondations de la plaine d'Antananarivo ainsi que de l'information du public sur les dispositions à prendre en cas de menace d'inondations.

Il est responsable conjointement avec le contractant chargé, dans les conditions fixées par le Conseil d'administration, de l'exécution de ces tâches.

En période de menace de danger ou de danger déclaré, le Directeur général de l'APIPA dirige et coordonne toutes les opérations de défense contre les inondations de la plaine d'Antananarivo. Les conditions de mise en oeuvre de cette défense contre les inondations sont définies par voie de décret.

En cas de situation catastrophique, le Directeur général de l'APIPA participe au plan d'Organisation des Secours (plan ORSEC) dans les conditions prévues par ce Plan.

L' APIPA doit être consultée avant approbation de tous les projets d'urbanisation et d'assainissement entrepris dans les agglomérations relevant de la plaine d'Antananarivo ainsi que les projets d'aménagements des bassins versants de toutes les rivières traversant ladite plaine. Il en est de même de tous projets susceptibles d'avoir des conséquences sur les risques d'inondations et le fonctionnement normal des installations.

Art. 15. – Le Directeur général de l'APIPA est chargé de la police des ouvrages destinés à assurer la protection de la plaine d'Antananarivo contre les inondations, y compris la délivrance des autorisations de rejet dans les réseaux de drainage et bassins de stockage. Il veille à l'application des textes réglementant la police et la conservation du domaine public compris dans la zone d'intervention du présent décret. Il propose d'éventuelles modifications ou adjonctions à ces textes. Il est consulté en ce qui concerne la police des eaux et des zones inondables dans les bassins de toutes les rivières en amont et dans la traversée de la plaine d'Antananarivo.

Art. 16. – Tout particulièrement, le Directeur général de l'APIPA est le responsable de l'annonce des crues au niveau de la plaine d'Antananarivo, de la transmission des données pluviométriques et hydrométriques en amont de la plaine d'Antananarivo, de l'établissement des prévisions de débits et hauteurs d'eau dans la traversée des plaines.

Ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no miandraikitra, ho an' ny Sampan-draharahan' ny *Génie rural*, ny fitrandrahana ny lakan-drano *GR* sy ny vavahadin-dranom-pambolena eo amin' ny fefiloha ary hanao fifanarahana amin' izany miaraka amin' io sampan-draharaha io mba hamaritra ny fameperana, ny fomba arahina ary ny fepetra mety ho raisina raha toa ny famatsian-drano ho an' ny mpitrandraka ara-pambolena ka tsy ho voasahana araka ny tokony ho izy.

LOHATENY IV

**Ny amin' ny loharanom-bola sy ny vola mivoaka**

And. 17. – Ny loharanom-bolan' ny *APIPA* dia ahitana :

*a*. Ny vola fandoa izay anomezan' ny lalàna laharana faha-95-034 tamin' ny 3 oktobra 1995 alàlana ny Kaominina voakasika handray izany ho an' ny *APIPA*. Fifanarahana ifanaovan' ny Kaominina voakasika sy ny *APIPA* no hamaritra ny fepetra mikasika izany vola fandoa izany.

*b*. Ny fandraisan' anjara, ny tamberim-bidy na ny vola fandoa avy amin'ny fifanarahana teo aloha nifanaovana tamin' ny olona tsotra na fikambanana, ny sosaiety.

*c*. Ny vola miditra vokatry ny firotsahana an-tsehatra izay mety ataony.

*d*. Ny fandraisan' anjaran' ny Fanjakana sy ny Faritany mizaka tenan' Antananarivo mikasika ny fitantanana ny Taozava-baventy sy ny fampitaovana an' ny fiarovana atao amin' ny tondra-drano.

*e*. Ny vola miditra isan-taona amin' ny tahiry apetraka any amin' ny banky na izay antokon-draharaha hafa mizaka ny zony ara-panjakana na fehezin' ny lalàna ifampitondran' ny isam-batan' olona.

*f*. Ny vatsim-bola na fampisamboram-bola.

*g*. Ny tahirim-bola fanampiana avy any ivelany.

*h*. Ny fanomezana sy ny tolotra ary ny vola miditra manokana sy tsy nampoizina.

And. 18. – Ny vola mivoaka amin' ny *APIPA* dia ahitana :

– ny vola laniana amin' ny mpiasa;

– ny fandaniana amin' ny fampandehanan-draharaha;

– ny fandaniana amin' ny fikojakojana ny asam-panorenana sy ny fitaovana;

– ny saram-pitaterana sy ny fivezivezena;

– ny lany amin' ny fitantanam-bola sy ny fanonerana ny vola nosamborina;

– ny asa, ny kojakoja ary ny fisahanan' asa ivelany momba ny fitrandrahana sy ny fikojakojana ny tao-zava-baventy ary koa ny fanavaozana ny fitaovana;

– ny fividianana ny fanana-mifaka ilaina amin' ny fampandehanana ny *APIPA*.

LOHATENY V

**Sata mifehy ny fitantanam-bola sy ny fitanan-kaonty**

And. 19. – Ny *APIPA* dia manana tetibola mahaleotena ka ny raharaha mikasika ny fitantanam-bola dia ataon' ny mpanalalana iray sy *agent comptable* iray ao amin' ny *trésor*, araka ny fenitra ankapobe momba ny fitànan-kaontim-bolam-panjakana.

*Ny amin' ny mpanalalana*

And. 20. – Ny Tale jeneralin' ny *APIPA* no mpanalalana ny tetibolany.

Izy indrindra no miantsoroka ny famaranana ny vola miditra araka ny fototra feran' ny lalàna, ny fitsipika ary ny fanapahana ataon' ny Filankevi-pitondrana nekena ara-dalàna.

Izy no hany manana fahefana, na dia eo aza ny fahefan' ny Filankevi-pitondrana, hanao ny fandraiketam-pandanian' ny *APIPA*.

And. 21. – Ny volan' ny *APIPA* dia apetraka ao amin' ny *trésor*. Na izany aza, ny mpanalalana dia afaka mampanokatra ny *agent comptable*, araka izay tena ilainy, kaonty any amin' ny banky na any amin' ny paositra.

Le Directeur général de l'APIPA assure, pour le compte du Service du génie rural, l'exploitation du Canal GR et des vanne agricoles sur les digues et passera à cet effet des accords avec c service pour fixer les consignes, les procédures et les mesure éventuelles à prendre dans le cas où l'alimentation en eau de exploitants agricoles ne pourrait être assurée correctement.

TITRE IV

**Des recettes et des dépenses**

Art. 17. – Les ressources de l'APIPA comprennent :

*a*. Les redevances que la loi n° 95-034 du 3 octobre 199 autorise les Communes concernées à percevoir au profit d l'APIPA. Une convention entre les Communes concernées e l'APIPA fixera les dispositions relatives à ces redevances;

*b*. Les contributions, les ristournes ou redevances découlant d conventions passées avec les personnes physiques ou morales, le sociétés;

*c*. Les recettes résultant des interventions qu'elle peut amener faire;

*d*. Les contributions de l'Etat et des collectivités territoriale concernées pour la gestion des ouvrages et équipements d protection contre les inondations;

*e*. Le revenu des fonds placés auprès d'une banque ou tout autr organisme de droit public ou de droit privé;

*f*. Les avances ou emprunts;

*g*. Les fonds d'aide extérieure;

*h*. Les dons, legs et les recettes exceptionnellement et imprévues.

Art. 18. – Les dépenses de l'APIPA comprennent :

– les frais du personnel;

– les dépenses de fonctionnement;

– les dépenses d'entretien des installations et équipements;

– les frais de transports et déplacements;

– les frais financiers et les remboursements des emprunts;

– les travaux, fournitures et services extérieurs pou l'exploitation et la maintenance des ouvrages ainsi que l renouvellement des équipements;

– l'acquisition des immobilisations nécessaires au fonctionnement de l'APIPA.

TITRE V

**Régime financier et comptable**

Art. 19. – L'APIPA dispose d'un budget autonome dont le opérations relatives à la gestion financière sont effectuées suivan les principes généraux de la comptabilité publique par un ordonnateur et par un agent comptable du trésor.

*De l'ordonnateur*

Art. 20. – Le Directeur général de l'APIPA est l'ordonnateur d son budget.

Il est notamment chargé de liquider les recettes sur les base fixées par la loi, les règlements et les délibérations du Consei d'administration régulièrement approuvées.

Il a seul qualité, sous réserves des pouvoirs dévolus au Consei d'administration, pour procéder à l'engagement des dépenses d l'APIPA.

Art. 21. – Les fonds de l'APIPA sont déposés au trésor Toutefois, l'ordonnateur peut faire ouvrir par l'agent comptable dans la limite de ses besoins, des comptes bancaires ou postaux.

And. 22. – Amin' ny fiafaran' ny fotoana fanatanterahana ny tetibola, ny mpanalalana dia mandroso ny kaontim-pitantanam-bolan' ny *APIPA* izay omanin' ny *agent comptable*, mba hankatoavin' ny Filankevi-pitondrana. Ny kaontim-pitantanam-bola nankatoavina dia ampitaina amin' ireo Manampahefana mpiahy.

Ny amin' ny *agent comptable*

And. 23. – Tendrena amin' ny alalan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola, araka ny tolo-kevitry ny Tale jeneraly ka neken' ny Filankevi-pitondrana, taorian' ny fitaomana hanao tolotra amin' ny filatsahan-kofidina, ny *agent comptable*.

Atoetra eo ambanin' ny ambaratongam-pahefana sy fitondran' ny Tale jeneralin' ny *APIPA* izy, saingy mitahiry ny fizakan-tenany eo amin' ny asa aman-draharaha izay omen' ny sata maha-mpitàn-kaontim-bolam-panjakana azy.

And. 24. – Ny *agent comptable* dia miandraikitra ny fiantsorohana sy ny famoriana ny vola miditra, ny fanaraha-maso sy ny fanefana ny fandaniana, ny fitehirizana sy ny fikajiana ny tahiry sy ny vola, ny fikirakirana ny tahiry, ary amin' ny ankapobeny fitànana ny tahirim-bolan' ny *APIPA*.

And. 25. – Amin' ny fiafaran' ny fotoana fanatanterahana ny tetibola, ny *agent comptable* dia manomana ny kaontim-pitantanam-bolan' ny *APIPA* mba aroso hamarinin' ny mpanalalana.

Manatrika ny fivorian' ny Filankevi-pitondrana izy ary fakan-kevitra.

And. 26. – Ny *agent comptable* dia iharan' ny fanaraha-maso ataon' ny Tale jeneralin' ny *Trésor* sy ny fanamarinan' ny fisafoan-draharaha ankapoben' ny Fanjakana.

LOHATENY VI

**Fepetra samihafa**

And. 27. – Ny fepetra voalazan' ny didim-panjakana laharana faha-61-006 tamin' ny 5 janoary 1961 sy ny drafitra *ORSEC* dia azo ampiharina.

And. 28. – Ny fanoherana mety hitranga eo amin' ny *APIPA* sy ny departemanta any amin' ny minisitera sy/na antokon-draharaham-panjakana mikasika ny fepetra ho raisina mba iantohana ny fiarovana ny lemaky ny Faritanin' Antananarivo amin' ny tondra-drano, dia iharan' ny fanelanelanana ataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta.

And. 29. – Ny fomba fampiharana izao didim-panjakana izao raha misy ilana izany dia ho faritan' ny Minisitra miandraikitra ny Fanajariana ny Tany indrindra mikasika ny fanamafisana ny fahafahan' ny *APIPA* miditra an-tsehatra araka ny anjara raharahany vaovao.

And. 30. – Foanana ary dia foana, manomboka ny vaninandro ampiharana izao didim-panjakana izao, ny fepetra rehetra teo aloha na mifanohitra indrindra indrindra amin' ny didim-panjakana laharana faha-96-172 tamin' ny 6 marsa 1996 andaminana indray ny *APIPA*.

And. 31. – Ny Praiminisitra-Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Fanajariana ny tany, ny Minisitry ny Asa vaventy, ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozana ny fitondran-draharaham-panjakana; ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetr' andro, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Minisitry ny Mponina, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Minisitry ny Indostria sy ny Asa tànana, ny Sekreteram-panjakana ao amin' ny Praiminisitra-Lefitra misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola miandraikitra ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena, no miadidy araka ny tandrify azy avy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan' ny* Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 28 aogositra 2002.

Jacques SYLLA.

Art. 22. – A la fin de la période d'exécution du budget, l'ordonnateur soumet le compte financier de l'APIPA, préparé par l'agent comptable, à l'approbation du Conseil d'administration. Le compte financier approuvé est transmis aux Autorités de tutelle.

*De l'agent comptable*

Art. 23. – L'agent comptable est nommé par arrêté du Ministre chargé des Finances, sur proposition du Directeur général, approuvée par le Conseil d'administration, à la suite d'un appel d'offres de candidature.

Il est placé sous l'autorité hiérarchique et administrative du Directeur général de l'APIPA, mais il conserve à son égard l'autonomie fonctionnelle que lui confère son statut de comptable public.

Art. 24. – L'agent comptable est chargé de la prise en charge et du recouvrement des recettes, du contrôle et du paiement des dépenses, de la garde et de la conservation des fonds et valeurs, du maniement des fonds, et d'une manière générale, de la tenue de la trésorerie de l'APIPA.

Art. 25. – A la fin de la période d'exécution du budget, l'agent comptable prépare le compte financier de l'APIPA pour être soumis au visa de l'ordonnateur.

Il assiste avec voix consultative aux séances du Conseil d'administration.

Art. 26. – L'agent comptable est soumis au contrôle du Directeur général du Trésor et aux vérifications de l'Inspection générale d'Etat.

TITRE VI

**Dispositions diverses**

Art. 27. – Les dispositions prévues par le décret n° 61-006 du 5 janvier 1961 et par le plan ORSEC sont applicables.

Art. 28. – Les contestations pouvant s'élever entre l'APIPA et les départements ministériels et/ou établissements publics concernant les mesures à prendre pour assurer la protection contre les inondations de la plaine d'Antananarivo, sont soumises à l'arbitrage du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

Art. 29. – Les modalités d'application du présent décret seront fixées par arrêté en tant que de besoin par le Ministre chargé de l'Aménagement du Territoire, notamment en matière de renforcement de la capacité d'intervention de l'APIPA au vu de ses nouvelles attributions.

Art. 30. – Sont et demeurent abrogées, à compter de la date d'application du présent décret, toutes les dispositions antérieures ou contraires notamment le décret n° 96-172 du 6 mars 1996 portant réorganisation de l'APIPA.

Art. 31. – Le Vice-Premier Ministre chargé des Finances et du Budget, le Ministre de l'Aménagement du Territoire, le Ministre des Travaux publics, le Ministre de l'Intérieur et de la Réforme administrative, le Ministre des Transports et de la Météorologie, le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage, le Ministre de la Population, le Ministre de la Sécurité publique, le Ministre de l'Industrie et de l'Artisanat, le Secrétaire d'Etat auprès du Vice-Premier Ministre des Finances et du Budget chargé de la Décentralisation et du Développement des Provinces autonomes, sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 28 août 2002.

Jacques SYLLA.

Avy amin' ny Praiminisitra, sady Lehiben' ny Governemanta :

*Ny Praiminisitra-Lefitra miandraikitra*
*ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola,*
Narisoa RAJAONARIVONY.

*Ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany,*
Julien REBOZA.

*Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozana*
*ny fitondran-draharaham-panjakana,*
Jean Seth RAMBELOALIJAONA.

*Ny Minisitry ny Asa vaventy,*
Jean LAHINIRIKO.

*Ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka,*
Augustin AMADY.

*Ny Minisitry ny Mponina,*
Jacob Félicien ANDRIAMPANJAVA.

*Ny Sekreterani-panjakana ao amin' ny Praiminisitra-Lefitra*
*misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola miandraikitra*
*ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana*
*ny Faritany mizaka tena,*
Monique Andréas ESOAVELOMANDROSO.

*Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana,*
Yvan RANDRIASANDRATRINIONY.

Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement :

*Le Vice-Premier Ministre chargé*
*des Finances et du Budget,*
Narisoa RAJAONARIVONY.

*Le Ministre de l'Aménagement du Territoire,*
Julien REBOZA.

*Le Ministre de l'Intérieur*
*et de la Réforme administrative,*
Jean Seth RAMBELOALIJAONA.

*Le Ministre des Travaux publics,*
Jean LAHINIRIKO.

*Le Ministre de la Sécurité publique,*
Augustin AMADY.

*Le Ministre de la Population,*
Jacob Félicien ANDRIAMPANJAVA

*Le Secrétaire d'Etat auprès du Vice-Premier Ministre*
*des Finances et du Budget, chargé de la Décentralisation*
*et du Développement des Provinces autonomes,*

Monique Andréas ESOAVELOMANDROSO.

*Le Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage,*
Yvan RANDRIASANDRATRINIONY.